Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# FPMA - SAP

# REVETU DES ARMES DE LA LUMIERE
# Rom. 13: 11 - 14

**Teny faneva:**

***"Miadia ny ady tsaran'ny finoana, hazony ny fiainana mandrakizay"***
1Timoty 6:12

Fitaovana tsotra manampy amin'ny fifampizarana ny Soratra Masina
On relit le texte, et chacun se l'approprie en annotant les versets avec les signes ci-dessous.
Prendre le temps, pour chaque texte de se demander :

- **?** **Tsy azoko** (Je ne comprends pas)
- **!** **Manaitra, manafintohina** (Ça me choque,ça me chiffonne)
- **+** **Resy lahatra, Miombon-kevitra amin'ny voalaza** (Je suis d'accord)
- **-** **Tsy resy lahatra, tsy miombo-kevitra** (Je ne suis pas d'accord)
- **~** **Azo hiadina hevitra** (Ça se discute)
- **>** **Fanamby ho ahy** (Ce passage me lance un défi)
- **<** **Efa niainanako izany** (J'ai déjà vécu cela)

**Vakiteny**:

*[Farany, noho ianareo tafaray amin'ny Tompo dia matanjaha ombàn'ny heriny tsy hay tohaina. Itafio avokoa ny fiadiana omen'Andriamanitra, mba hahazoanareo hamahatra tsara eo anatrehan'ireo tetika afitsoky ny devoly*. Tsy olombelona nofo aman-dra tsy akory no ifanandrinantsika, fa ireo fanahy ratsy eny ana habakabaka: dia ireo fanapahana, ireo fahefana, ireo hery mifehy ny sehatry ny haizina. Noho izany, raiso avokoa ny fiadiana omen'Andriamanitra, mba hahazoanareo manohitra ny fahavalo amin'ny andro ratsy; ka rehefa nandresy ny famelezana rehetra nafitsony ianareo, dia mbola hamahatra tsara ihany. Koa mamahara tsara hatrany ianareo: ny marina no ataovy toy ny etra fehikibonareo; ny rariny no tafio ho toy ny fiarovan-tratra; ny fahavononan-kitory ny Vaovao Mahafaly* mampihavana no ataovy toy ny kiraro eny an-tongotrareo; tano lalandava ny finoana ho toy ny ampinga hahazoanareo mamono ny zanatsipîka mirehitra rehetra alefan' ilay Ratsy*; raiso ny famonjena ho toy ny fiarovan-doha, ary raiso ny tenin'Andriamanitra ho toy ny sabatra omen'ny Fanahy Masina. Mivavaha hatrany ary mangataha ny fanampian'Andriamanitra amin'izany; eny, mivavaha mandrakariva araka izay anentanan'ny Fanahy Masina anareo. Miambena sy mazotoa hatrany mba hahatongavana amin'io tanjona io, ary dia mivavaha ho an'ny vahoakan'Andriamanitra* rehetra. Mivavaha ho ahy koa mba homen'Andriamanitra ny teny hotononiko rehefa hiloa-bava aho, ka dia ho sahy hampahafantatra ny tsiambaratelo raketin'ny Vaovao Mahafaly. Iraka mitondra izany Vaovao Mahafaly izany aho, na dia migadra aza ankehitriny; koa mivavaha ho ahy mba hilazako izany amim-pahasahiana, araka ny tokony hoteneniko. (Efesianina 6:10-20 DIEM)]*

**Tafio** / **avokoa** (panoplie) / ny **fiadian'Andriamanitra**, / mba hahazoanareo / **hifahatra** < / amin'ny fanangolen'ny **devoly**. (Efesiana 6 : 11).

12. Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao, dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra*.
[* Grika: Ianitra].

## 1) Tafio avokoa < (panoplie), àprendre ou à laisser

a) *ireo fiadian'Andriamanitra*:

**Ny fiadian'Andriamanitra**
na
**Fiadiana an'Andriamanitra**
na koa
**Fiadiana omen'Andriamanitra** *(Diem).*

- ■ **Fiadiana ho fiarovana (armes défensives) (Ef6:14-16)**
- ■ **misy koa ny fotoam-piadiana ho entina manafika (armes offensives).**

*b) ireo fahavalo:*
(Demonia < fanahy mampijaly, devoly < mpifosa, mpiampanga, Satana< mpanohitra).
(Baiboly dikateny faha6, Pejy 421).

*[Fantatrareo rahateo indrindra koa ny andro diavintsika. Izao no fotoana tokony hifohazanareo amin'ny torimaso; satria ankehitriny antomotra antsika kokoa ny famonjena, fa tsy tahaka ny tamin'ny andro vao ninoantsika. Madiva ho lasa ny alina, ary mby akaiky ny andro. Ialao àry ny asa fanao amin'ny maizina, ka itafio ny fiadiana fampiasa amin'ny mazava. Aoka isika hahay hitondra tena tsara toy ny amin'ny antoandro, ka hifady ny fanaranam-po sy ny fidorohana, ny fijangajangana sy ny fihetsika tsy maotina, ny adiady sy ny fifampialonana. Fa itafio ny fiadian'i Jesoa Kristy* Tompo, ka aza mety hotarihin'ny maha olona mpanota ho amin'ny filàndratsy. (Rômanina 13:11-14 DIEM)]*

Ka ito faharoa ito no jerentsika tsotra sy fohy androany izay antsoin'i Paoly ao aminn'ny Romana 13:10 hoe: "*Fiadian'ny mazava".*

"Efa ho lasa ny alina, ka efa mby akaiky kokoa ny andro, koa aoka hariantsika ny asan'ny maizina ka hitafiantsika ny fiadian'ny mazava"
(Rômanina 13:14 DIEM)

## 2) Fiadian'ny mazava (armes offensives)

Anakiray ao amin'ny TT, iray ao amin'ny Filazantsara ary iray farany ao amin'ny Epistily no ho raisintsika ho etintsika manazava izany:

1) **1 Mpanjaka 3: 16-28**
*[Indray andro dia nisy vehivavy mpivaro-tena roa tonga niseho teo anatrehan'ny mpanjaka. Dia hoy ilay vehivavy voalohany: –Miray trano izaho sy ity vehivavy ity, ry andriamanjaka, ary teraka tao an-trano aho tamin'ny fotoana nahatao azy koa. Fa telo andro taorian'ny fiterahako, dia mba teraka ny zanany koa io vehivavy io. Izahay roa vavy ihany no tao an-trano fa tsy nisy olon-kafa ankoatra anay. Tamin'io alina io anefa, dia maty ny zanak'ity vehivavy ity fa voatsindriny. Koa tamin'ny misasakalina dia niarina izy naka ny zanako teo anilako raha ilay mbola natory iny aho, ka nampandriany teo anilany; fa ny azy maty kosa no nataony teo anilako. Rehefa nifoha hampinono ny zanako aho anikeheo maraina, dia indro fa maty izy. Kanjo rehefa nofantariko nony nazava ny andro, dia hitako fa hay tsy ny zanako naterako akory io. Tamin'izay, dia hoy kosa ilay vehivavy faharoa: –Tsia! Ny velona no zanako, fa ny maty no anao! Dia hoy ilay voalohany: –Tsia! Ny maty no zanakao, fa ny velona no ahy! Nifanditra toy izany teo anatrehan'ny mpanjaka izy roa. Fa hoy kosa ny mpanjaka: –Ny iray manao hoe: «Ny velona no zanako fa ny maty no anao!» Dia mamaly ny iray hoe: «Tsia! Ny maty no zanakao fa ny velona no ahy!» Ka hoy aho hoe: «Itondray sabatra*

*aho». Rehefa tonga ny sabatra, dia hoy indray ny mpanjaka: –Zarao roa ny zaza velona, ka samy omeo ny antsasany avy ireo vehivavy ireo! Fa onena mafy an-janany kosa ilay vehivavy renin'ny zaza velona, ka niteny tamin'ny mpanjaka hoe: –Ry andriamanjaka ô, aoka re homena azy ihany ny zaza velona, fa aza dia vonoina ho faty! Fa hoy kosa ny iray: –Zarao roa mihitsy ny zaza, fa amin'izay dia samy tsy manana. Dia namaly ny mpanjaka, ka nanao hoe: –Aza vonoina ho faty ny zaza, fa omeo ilay vehivavy voalohany; izy mihitsy no reniny. Ren'ny Israelita rehetra izany fitsarana nataon'ny mpanjaka izany; ka dia nanaja azy ny olona, satria nahatsapa fa misy fahendren'Andriamanitra ao aminy hoentiny mitsara. (1 Mpanjaka 3:16-28 DIEM)]*




●Tokatrano (mpivady): zaza iadivana eny amin'ny fitsarana, mpiray tampo tsy mifandevo-maty (vaky roa ny fon'ny ray sy reny)
●fiangonana, : rehefa mizara roa ny fiangonana, tsy mifankahazo ny filoha sy ny mpitandrina, komity, sampana sns..

●fiaraha-monina: ....
●Droits et devoirs

**2) Mat 5:38-42**

*[–Efa renareo fa voalaza hoe: «Maso efai-maso, nify efai-nify!» Izaho kosa milaza aminareo hoe: aza mamaly ratsy izay manisy ratsy anao; fa raha misy mamely tehamaina ny takolakao ankavanana, atolory azy koa ny ilany! Raha misy mila ady aminao any amin'ny fitsarana mba hahazoany ny akanjonao, avelao ho azy koa ny lambanao. Raha misy manery anao hitondra entana mandritra ny lalana iray kilaometatra, miaraha aminy mandritra ny lalana roa kilaometatra. Omeo izay mangataka aminao ary aza andosirana izay te hisambotra aminao. (Matio 5:38-42 DIEM)]*




Loi du talion: => juste rétribution, juste compensation et non pas loi de vengence selon certains: nify=nify, maso=maso

=> Auteur de droit et non plus quémandeur de droit.

**3) Rom 12:17-21.**

*[Aza mamaly ratsy ny ratsy, na amin'iza na amin'iza. Miezaha hanao ny tsara eo imason'ny olona rehetra. Ary raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra. Aza mamaly faty, ry hava-malala, fa ny fahatezeran'Andriamanitra* no avelao hiasa, satria izao no voalazan'ny Soratra Masina* : «Ahy ny famaliana, Izaho no hamaly, hoy ny Tompo.» Fa «raha noana ny fahavalonao, dia omeo hanina; raha mangetaheta, dia omeo rano hosotroiny; fa raha manao izany ianao, dia hanangona vainafo eo an-dohany.» Aza mety ho resin'ny ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy. (Rômanina 12:17-21 DIEM)]*



Ny hany tokana afaka mandresy ny ratsy dia ny soa

**Fampiharana:**

**Mila mandray ny fiadian'ny mazava isika**:
**Tafio** / **avokoa** (panoplie) / ny **fiadian'Andriamanitra**,
/ mba hahazoanareo / **hifahatra** < / amin'ny fanangolen'ny **devoly**.

## 3) / mba hahazoanareo / hifahatra < / amin'ny fanangolen'ny devoly.

12. Fa isika tsy mitolona amin'ny nofo aman-drà, fa amin'ny **fanapahana sy amin'ny fanjakana sy amin'ny mpanjakan'izao fahamaizinana izao,** dia amin'ny fanahy ratsy eny amin'ny rivotra*. [* Grika: lanitra]

Einstein: l'obscurité n'a pas d'existence propre.
Ny fisian'ny aizina dia miakina amin'ny tsy fisian'ny hazavana.
Ny haizina tsy mba azo refesina, na hafatra (quantifié, mesurer, peser)
Ny hazavana: manana hafaingana-pandeha, vitesse de la lumière, azo faritana ny heriny, ny hafanany (watt, puissance).

Raha vonoina ny jiro  => maizina
Ny hazavana irery ihany no HANY afaka mandroaka ny haizina.
Ianareo no Fahazavan'izao tontolo izao hoy Jesoa
Vous "**est**" la lumière du monde